# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Jona 2019

# 19 **Alarobia**
jona

**Hihira ho an'i Jehovah aho, satria nanisy soa ahy Izy.** Salamo 13. 6

**Mitadiava an'i Jehovah, dia ho velona ianareo.**
Amosa 5. 6

### Tia anao Ilay Mpamonjiko

*Raha mba fantatrao moa hoe iza Ilay Mpamonjiko !*
*Namana malemy fanahy toy inona moa Jesosy Kristy, ho ahy !*
*Takany ny zava-manjo ahy, ary mihaino sy manampy ahy Izy ;*
*Mba tiako ho toy izany koa anie Izy, aminao !*

*Raha mba fantatrao moa ny fiadanana mamy sy lalina*
*Narotsak'Ilay Mpamonjy tato am-poko !*
*Ny fiadanan'ny lanitra, tsy fantatra eto amin'ity tontolo ity,*
*Fiadanana mikoriana avy eo amin'ny hazofijaliana,*
*mankany amin'ny mpanota.*

*Raha mba fantatrao moa ny fahatokiana tanteraka*
*Azoko apetraka amin'Ilay Andriamanitra Mpiandry ahy !*
*Izy no Mpanafaka ahy amin'ny fotoana rehetra,*
*Sy miaro ahy raha itataovan-doza aho.*

*Raha mba fantatrao moa ny fanantenana azo antoka*
*Izay mampahery ahy sy mahatonga ny lanitro ho manga !*
*Rehefa miantso ahy ny feony feno fiandrianana,*
*Dia handeha ho eny aminy eny ambony eny aho…*

*Rehefa fantatrao hoe toy inona*
*ny fitiavan'io Mpamonjy io anao,*
*Rehefa nametraka ny finoanao amin'i Jesosy ianao,*
*Aza hazonina ho anao irery izany harena izany,*
*Fa ambarao amin'ny olona rehetra izay nataony ho anao !*